


www.madagate.org

SNAIM

**FANAMBARANA**

Manoloana ny fivoaran'ny toe-draharaham-pirenena ankehitriny, Izahay, sendika roa tonta eto anivon'ny Foibem-pitantanana ankapoben'ny hetra (DGI), SNAIM sy SACIMA, dia manao izao FANAMBARANA manaraka izao ho fampatsiahivana ireo fitakiana nandritra ny « tolona ho amin'ny fanovana 2018 ». Anisan'izany ireto teboka maromaro ireto :

1/ Ny famerenana ny asan'ny sampan-draharahan'ny hetra nomena tamin'ny fomba tsy ara-dalàna ny orinasa AMETIS

2 / Fanavaozana ireo mpitantana rehetra eto anivon'ny DGI, ka efa nitondranay tolo-kevitra.

Noho izany, izahay mpiara-miasa mivondrona ao anatin'ny sendika roa tonta dia miangavy ampanajana ireo mpitondra ambony mba ho olona afaka hiara-hiasa amin'ny sendika sady teknisiana afaka hampivondrona sy hanaisotra ireo disadisa navelan'ny fitondrana nifandimby teo aloha no ho tendrena eo amin'ny toerana, izany dia mba hiverenan'ny hasin'ny sampandraharahan'ny hetra sy ny mpiasa izay kitro ifaharan'ny fanatsarana sy fampandrosoana ny asa fampidiran-ketra.

3/ Fametrahana ny « dialogue sociale » izay voalazan'ny convention 154 ao anatin'ny fomba fitantanana ny raharaham-panjakana eto anivon'ny foibem-pitondrana ankapoben'ny hetra. Satria ireo teboka hafa amin'ireo fitakiana navoitranay dia iarahana mamaha amin'izay olona ho voatendry eo. Koa raisinay ho zava-dehibe arak'izany ny hisian'ny fitoniana sy fifanakalozan-kevitra eo amin'ny mpitondra sy ny entina (dialogue sociale).

Tiana ny mampahatsiahy fa ny « tolona ho amin'ny fanovana » nifarimbonan'ny vahoaka Malagasy, ny solombavambahoaka 73, ary indrindra indrindra ireo sendika maro, dia nametraka fifanarahana niaraka tamin'ny Praiminisitra lehiben'ny Governemanta mba hisian'ny fitoniana ara-tsosialy (paix sociale) mba ahafahana miatrika am-pilaminana ny fifidianana izay ho Filohampirenena. Tapaka tamin'izany fa mila hatsahatra aloha ny hetsika eny an-kianja, fa kosa nanome toky ny solombavambahoaka 73 sy ny Praiminisitra fa ho vahana ireo olana ireo rehefa tafapetraka tsara ny fitondrana vaovao.

Ary noho ny tombontsoa ambonin'ny Firenena dia nankato izany ny sendika roa tonta.

Natao teto Antananarivo, androany 26 martsa 2019

Ny Filohan'ny SNAIM

RAKOTONDRAMANANA Christian

Ny Filohan'ny SACIMA

FOZARA Edouard